

**Mivavaka fa tsy mifanavaka !**

Fotoan - dehibe ho an' ny mpino katolika ny omaly. Niara - nanao rodobe tetsy amin' ny kianjaben' i Mahamasina ireo mpino an' alina. Niara - nitopa toa rano eny Ikopa ireo mpiray fivavahana. Dia samy tonga nanotrona sy nanome voninahitra ny fotoana koa ireo vovonana iadian' ny lohany eto amin' ny Firenena. Nivavaka tokoa izy ireo ka tsy nanavaka ireo mpifanandrina politika aminy. Koa na somary sakodiavatra toa banga notolorana taolan - katsaka ihany aza ireo efa mihevi - tena ho lohany eto amin' ny Firenena nilahatra tamin' ireo natao taom - boanjo dia nifitsaka ihany fa lehilahy lehibe ny tena. Nangidihidy ihany ny loha nifanatri - tava tamin' ny laka - nitana. Tsy satry ny antsy tokoa no hikapa ny taola - mahery fa asesiky ny tana -mandrasa. Mety ho tsy satrin' ireo tompom - pahefana ny nanatrika iny fotoana malaza iny fa nasesiky ny fitiavana te hihatsaravelatsihy. Fotoana fanararaotana rahateo ny tahaka ireny mba hipihana maso ireo maro an' isa eto amin' ny Firenena. Nidiran' angano toa akoho kely lasan' ny papango ihany anefa ry be fahefana tamin' ity indray mitoraka ity. Nisidina ambony vao tra - pahoriana. Nihevitra angamba ny sasany fa hahazo sehatra isekosekoana indray. Nanantena angamba ry zareo fa hahazo fotoana anehoana ny fahaizana mievotrevotra. Saingy, tsy voatolo - boninahitra. Niala maina sy nangaina, hoy ny tondro molotry ny tia fosafosa. Fa nahay nampiombona tamin' ny fomba mihaja iny fotoan - dehibe iny. Niray toerana tsy satry ireo mpilalao mpifanandrina. Koa na fenofeno aza ny fo atopan' ny rano mafana dia azo heverina ny fahatanterahan' ilay hoe *« ny tavan - drahalahy, mandranitra ny tavan - drahalahy »*. Soa fianatra, ny tsara fanao. Raha mety amin' ireo sakay sy maso ara - politika ny fampihaonana tahaka ireny dia tokony hatao ohatra ny afon' Antongona.

**Andriamanintona**

www.madagate.org







































Paroasy
Faravohitra


Paroasy
Faravohitra












































































































































